TOETRANDRO

# Ahiana hisy rivodoza hahakasika antsika amin'ny herinandro ho avy

Ahiana ny fisian'ny rivodoza mety hahakasika an'i Madagasikara amin'ny herinandro ho avy io, araka ny vinavinan'ireo mpamantatra ny toetrandro. Amin'ny herinandro manaraka: ny 16 ka hatramin'ny 22 Janoary izao, dia harahimaso akaiky ny fivoaran' ny rivodoza manodidina an'i Madagasikara. Satria vinavinaina hitoetra ireo fepetra manome vahana ny fivoarana rivodoza manakaiky an'i Madagasikara. Noho izany, ahiana mafy ny hisian'ny rivodoza mety hahakasika ny distrikan'i Vohemara, Sambava, Antalaha, Maroantsetra, Toamasina, Vohibinany, Vatomandry, Antanambao Manampotsy, Mahanoro, Nosy Varika, Mananjary ary Manakara.



Amin'izao fiafaran'ny herinandro izao kosa, hatramin'ny rahampitso 15 Janoary, tsy misy ny fanahiana momba ny rivodoza mety hahakasika an'i Madagasikara na dia mety hisy fiforonana rivodoza aza ao amin'ny ranomasimbe Indiana. Efa tokony hiomana arak'izany ireo faritra voalaza fa mety handalovan'ny rivodoza ireo, amin'ny fanamafisana ny trano fonenana, ny fanapahana ireo hazo mety hitera-doza, hanangona ireo zavatra ilaina amin'ny fiainana andavanandro, sns… Ny irariana dia hivily lalana izany loza manambana sy manonontanona antsika izany.

***Stefa***

Tranga

# Moto very taty Antananarivo, tany Antsirabe vao hita

Mandeha lavitra mihitsy ny mpangalatra mitondra ny entana halatra azon'izy ireo. Moto very taty Antananarivo, tany Antsirabe faritra Vakinankaratra izany vao hita. Moto Racing King ny marik'ilay moto very taty Antananarivo : hitan'ny polisy tany Antsirabe izy io. Vokatry ny fiarahamiasa teo amin'ny polisim-pirenena any Antsirabe sy olona tsara sitrapo dia, hita tao Antsirabe ny moto iray very taty an-drenivohitra. Teo ampikarakarana "acte de vente", na taratasy fifampivarotana no nahatratrarana ny mpangalatra, izay efa hivarotra io kodiarandroa io tamin'ny olona hividy azy.

Manentana ny rehetra hatrany ny polisim-pirenena tsy hisalasala hanatona na hiantso avy hatrany vao misy tranga hafahafa na mampiahiahy eny anivon'ny fiaraha-monina eny. Ho an'ny UIR Antsirabe : 0340274752 no laharana azo antsoina.

***Niaina***





*Ilay moto very, hita tany an-drenivohitr'i Vakinankaratra.*

Frère Jean

# Mikalo ny fitiavana sy ny fihavanana

Ankoatry ny maha mpanakanto mpihira sy mpamorona an'i Frère Jean de la Croix de la Trinite Rafanomezantsoa "Frère Jean", dia manan-talenta sy fahaizana amin'ny fanoratana boky ihany koa ny lehilahy. Niroso amin' ny sehatry ny fihirana aho, hoy izy noho ny fahatsapako fa mora kokoa ny mampita ny hafatra amin'ny alalan'ny hira, izay tsapa fa toy ny "Sakaiza" akaikin'ireo tanora tokoa ankehitriny. Ny fivoizana hatrany ny maha zava-dehibe ny fitiavana sy ny halemem-panahy lavitry ny herisetra (Fihavanana sy fifanampiana) amin'ny lafim-piainana rehetra no avoitran'ny Frere Jean anatin'ireo sanganasany. Nambarany fa antoka iray lehibe hampisy ny rindram-piaraha-monina hitarika ho any amin' ny fampandrosoana ny fampanjakana ny fitiavana sy ny fihavanana ary ny halemem-panahy. Tsy nihambahamba ihany koa i Frère Jean nanambara fa Mpanabe ny mpanakanto, koa tokony ho mendrika amin'ny lafiny fitondran-tena ary miezaka ny hampita hafatra mafonja sy misy vontoatiny ho an'ny isam-baravarana. Gadona milamina sy mihetsika. Ireo no andrindran'ny Frère Jean ireo hira nojariany. Ireo tranga eny anivom-piaraha-monina no akora fototra entin'ity Relijiozy manan-talenta ity manefy ny taokanto an-kira jariany, mba hitondra fanabeazana feno ho an'ny isam-batan'olona. Naneho ny fahavonany hiroso lalina hatrany amin'ny famolahana ny hira sy ny mozika ho fitaovam-panabeazana mahomby hamolavolana "Olom-banona" i Frère Jean. Hitohy hatrany ihany koa ny famoahana boky ho fanovozam-pahendrena ombampahalalana mifototra amin'ny finoana an'Andriamanitra sy i Jesoa Kristy zanany lahitokana.



*Frère Jean, mivetso ny fitiavana sy ny fihavanana hatrany.*

***Lalasoa Razafindrakoto***

Tetikasa « Fahasalamana mamiratra »

# Mitsabo amin'ny sakafo voajanahary

Antoka iray ahafahana mahazo fahasalamana tomombana ny fihinanana sakafo voajanahary, sy ny fahaizana mandanjalanja ny fanjifana azy ireny araka ny vanim-potoana misy, hoy Ramatoa Randriarimanana Zafiharinivo « Madame Nivo ». Ity farany izay namorona ny tetikasa « Fahasalamana mamiratra », manana ny foiben-toerany eny Maibahoaka Ivato Antananarivo.



*Randriarimanana Zafiharinivo, namorona ny « Fahasalamana mamiratra ».*

Ankoatry ny fitsaboana ireo aretina amin'ny alalan'ny fampiasana ireo sakafo ara-boajanahary : « Bio », toy ny legioma sy ny voankazo ary ny serealy dia manodina ireo zavamaniry misy eto Madagasikara hanjary ho fanafody biolojika fampiasa amin'ireo karazan'aretina maro be ihany koa ny « Fahasalamana mamiratra ». Fanomezam-pahasoavana miampy ireo fandalinana sy fiofanana nataoko ary ny fiankinana mandrakariva amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny vavaka. Ireo mitambatra no nahafahako manatontosa ny asa fitsaboana ireo aretina marolafy sahaninay « Fahasalamana mamiratra », hoy Randriarimanana Zafiharinivo.

Nomarihan'ny avy eo anivon'ny « Fahasalamana mamiratra », fa mila apetraka amin'ny toerana sahaza azy ary omena ny hasiny ireo « Mpitsabo amin'ny fomba natoraly ». Maro amin'ny Malagasy ary tsy vitsy amin'ireo tomponandraikitra misahana ny fahasalamana eto amintsika no manao tsinontsinona azy ireny ankehitriny noho ny fiarovana tombontsoa manokana, na ny fanerena ankolaka na mivantana ataon'ireo firenena vahiny. Misy mihitsy aza ny manasokajy azy ireny ho mpanao « asan-devoly » tsotra izao. Tsy natao ho sakana anefa ireo, hoy « Madame Nivo », fa vao mainka aza manosika ho amin'ny fanatsarana hatrany ireo tolotra. Marihana fa manolotra fiofanana ho an'ireo liana amin'ny tranga ara-pahasalamana sy ny fikarakarana sakafo ara-boajanahary ihany koa ny « Fahasalamana mamiratra », izay efa miara-miasa akaiky amin'ireo mpitsabo sy tobim-pitsaboana maro eto Antananarivo. Ny tokony hatao no ampianarina ny isambatan'olona mba ananan'izy ireo fahasalamana tomombana, hoy hatrany Randriarimanana Zafiharinivo. Mitaky fahaiza-miaina ihany koa anefa izany.

***Lalasoa Razafindrakoto***

« Rallye Dakar 2023 »

# Hifarana rahampitso alahady any Dammam

Ny Rallye Dakar 2023 dia andiany faha-45 amin'ny Rallye Dakar izay karakarain'ny « Amaury Sport Organisation », ka tontosaina nanomboka tamin'ny sabotsy 31 desambra 2022 lasa teo ary hifarana rahampitso alahady 15 janoary 2023 any Arabie saoudite. Faninefany izao no nandray an'ity fifaninanana ity i Arabie Saoudite, ka nohavaozina hatrany amin'ny 70 % ny lalan-kizoran'ny mpifaninanana tamin'ity andiany ity, izay naharitra 15 andro, ka nisian'ny fitsangatsanganana "excursion de quatre jours dans l'Empty Quarter ». Nirefy 8549 km ny halavan'ny halaviran-dalana nifaninanana araka izany, ka nahatratra 4706 km ireo dingana manokana nosedraina tamin'izany, izay niainga tany amin'ny tanànan'i Sea Camp, ka hifarana any amin'ny tanànan'i Dammam. Nahatratra 820 ireo mpandray anjara ka : 366 "véhicules", 125 "motos", 93 "buggys", 73 "autos", 56 "camions" ary 19 "quads".

***Rainilita***



*Rallye Dakar 2023.*